# Ilay Voa Tsara Nafafy 31 Mey 2018

**31** **Alakamisy**
mey

***(Hoy Jesosy :)*** **Asehoy Ahy ny farantsakely fandoa amin'ny hetra. Dia nitondrany denaria Izy. Ary hoy Jesosy taminy : An'iza ity sary sy soratra ity ? Hoy izy taminy : An'i Kaisara. Dia hoy Jesosy taminy : Aloavy ho an'i Kaisara ary izay an'i Kaisara, ary ho an'Andriamanitra izay an'Andriamanitra.** Matio 22. 18-21

**Fanambarana tsy fidiny**

Ny tsirairay dia samy mahay tsianjery teny maromaro ao amin'ny Baiboly, ary mitanisa azy ireny amin'ny fotoana sasantsasany, mba hampihaingoana ny resaka atao. Ohatra hoe : „Ny mpaminany tsy masina an-taniny", na koa : „Ataovy amin'ny hafa izay tianao hataon'ny hafa aminao" (Matio 13. 57 ; 7. 12). Matetika ireny teny ireny no tanisaina, nefa tsy fantatra akory hoe teny nambaran'i Jesosy Tompontsika. Ary rehefa tononina ivelan'ny toe-java-misy niaviany izy ireny, dia very, amin'ny ankapobeny, ny tena dikany. Ohatra, rehefa mamerina amin'ny tompony ny zavatra nindraminy ny olona iray, dia mitsiky aminy, miteny hoe : „Avereno amin'i Kaisara izay an'i Kaisara"... saingy hadinony ny tohiny hoe : „Ary ho an'Andriamanitra izay an'Andriamanitra".

Isika atỳ amin'ny tany nandray ny fivavahana kristiana ve, tsy nanatsotsotra teny sasany ao amin'ny Tenin'Andriamanitra, mba hampilamindamina ny fieritreretantsika ? Ary misy teny hafa koa, hadinointsika mba tsy hankatoavana an'Andriamanitra, rehefa manelingelina antsika izany. „Aloavy amin'i Kaisara izay an'i Kaisara" : aoka ho marina isika eo anatrehan'ny namantsika, sy eo amin'ny fanjakana anaovantsika filazana ny vola miditra amintsika...

Raisintsika ao amin'ny Baiboly ireo fampianarana manamora fiainana eo amin'ny fiarahamonina, kanefa ve isika *manome ho an'Andriamanitra* izay tandrify Azy ? Manontany ianao hoe : Inona no tokony homeko Azy ?

— Amin'ny maha Mpahary Azy : fankatoavana sy fanajana.

— Amin'ny maha Andriamanitra Mpamonjy Azy : finoana sy fitiavana.

— Amin'ny maha Ray Azy : fankasitrahana sy fitsaohana.

Ny hoe manome ho an'Andriamanitra izay tokony ho Azy, dia ny mandray koa izay lazain'ny Baiboly momba an'i Jesosy. Izany hoe : mino Azy.